Organisation internationale du Travail

# Fanambarana ny fitsipika fototra telo tonta eo amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny politika sosialy



Fanontana fahaenina - 2022

Organisation internationale du Travail

# ► Fanambarana ny fitsipika fototra telo tonta eo amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny politika sosialy

Genève, 2022

Copyright © Organisation internationale du Travail 2022

Sixième édition 2022

Les publications de l'Organisation internationale du Travail (OIT) jouissent de la protection du droit d'auteur en vertu du protocole no 2, annexe à la Convention universelle pour la protection du droit d'auteur. Toutefois, de courts passages pourront être reproduits sans autorisation, à la condition que leur source soit dûment mentionnée. Toute demande d'autorisation de reproduction ou de traduction devra être envoyée à Publications (Droits et licences), Bureau international du Travail, CH-1211 Genève 22, Suisse, ou par courriel à rights@ilo.org. Ces demandes seront toujours les bienvenues.

Bibliothèques, institutions et autres utilisateurs enregistrés auprès d'un organisme de gestion des droits de reproduction ne peuvent faire des copies qu'en accord avec les conditions et droits qui leur ont été octroyés.

Consultez le site www.ifrro.org afin de trouver l'organisme responsable de la gestion des droits de reproduction dans votre pays.

ISBN 978-92-2-038589-0 (imprimé)
ISBN 978-92-2-038590-6 (PDF Web)

Les désignations utilisées dans les publications de l'OIT, qui sont conformes à la pratique des Nations Unies, et la présentation des données qui y figurent n'impliquent de la part de l'OIT aucune prise de position quant au statut juridique de tel ou tel pays, zone ou territoire, ou de ses autorités, ni quant au tracé de ses frontières.

Les articles, études et autres textes signés n'engagent que leurs auteurs, et leur publication ne signifie pas que l'OIT souscrit aux opinions qui y sont exprimées.

La mention ou la non-mention de telle ou telle entreprise ou de tel ou tel produit ou procédé commercial n'implique de la part de l'OIT aucune appréciation favorable ou défavorable.

Pour toute information sur les publications et les produits numériques de l'OIT, consultez notre site Web : www.ilo.org/publns.

# Fizahan-takila

**Pejy**

Fampidirana....................................................................................................................5

Fanambarana ny fitsipika fototra eo amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny politika sosialy……………….... 7

Tanjona sy sehatra fampiharana..........................................................................8

Politika iombonana........................................................................................ 10

Fampananana asa ........................................................................................ 12

Fanofanana ................................................................................................... 15

Fepetra iasana sy iainana ............................................................................. 16

Fifandraisana arak'asa.................................................................................. 18

**Tovana**

I. Lisitra famintinana ireo fanambaran'ny OIT, ny fifanarahana sy tolo-kevitra iraisam-pirenena momba ny asa, ireo amboaran-tari-dalana enti-miasa, ireo fitsipika fototra sy antontan-kevitra mitari-dalana avy amin'ny OIT momba ny Fanambarana ny fitsipika fototra telo tonta eo amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny politika sosialy ........................................................ 21

II. Fitaovana azo ampiasaina.................................................................................24

## ► Fampidirana

Ireo foto-kevitra voalaza ao amin'ny Fanambarana ny fitsipika fototra telo tonta eo amin’ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny politika sosialy (antsoina hoe Fanambarana momba ny Orinasa ifarimbonam-pirenena) dia mikendry ny hanome tari-dalana ho an'ireo orinasa ifarimbonam-pirenena, ny fitondram-panjakana, ny mpampiasa ary ny mpiasa eo amin'ny sehatra toy ny fampananana asa, ny fanofanana, ny fepetra iasana sy iainana ary ny fifandraisana arak’asa.

Ireo tari-dalana ireo dia mifototra indrindra amin'ny fitsipika fototra voarakitra ao amin'ny fifanarahana sy ny tolo-kevitra iraisam-pirenena momba ny asa. Ny Fanambaran'ny OIT momba ny fitsipika fototra sy ny zo fototra amin’ny asa (1998), nasiam-panitsiana tamin'ny taona 2022, izay eken'izao tontolo izao ho fiasana fototra amin'ny fanatrarana ny tanjon'ny asa mendrika ho an'ny rehetra, dia manohana ihany koa ny tari-dalana naroso. Ny lisitra famintinana ny fifanarahana sy ny tolo-kevitra iraisam-pirenena momba ny asa araka ny ahitana azy ao amin'ny Fanambarana momba ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia hita ao amin'ny tovana I.

Raha jerena ny anjara asa lehibe ataon'ny orinasa ifarimbonam-pirenena ao anatin'ny dingan'ny fanatontoloana ara-toekarena sy ara-tsosialy, dia zava-dehibe sy tena ilaina ny fampiharana ny fitsipika fototry ny Fanambarana momba ny orinasa ifarimbonam-pirenena eo amin'ny sehatry ny fampiasam-bola vahiny mivantana sy ny varotra ary koa ny fampiasana ny tohivakam-pamatsiana manerantany. Ny mpisehatra voakasika dia afaka manaraka ny fitsipika fototra ao amin’ity Fanambarana ity ho toy ny fitsipika mitarika azy ireo hanamafy ny vokatra tsara eo amin’ny lafiny ara-tsosialy sy arak’asa ary eo amin’ny fitantanana ireo orinasa ifarimbonam-pirenena mba hahatanteraka ny asa mendrika ho an’ny rehetra, izay tanjona manerantany voarakitra ao anatin’ny Fandaharanasa fampandrosoana maharitra amin’ny taona 2030. Ireo fitsipika mitarika ireo dia afaka ampiasaina amin'ny fananganana fiaraha-miombon’antoka, anatin'izany ny fiaraha-miasa amina mpandray anjara maro sy ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena, enti-mamaha ireo olana maro izay tsy voavahan'ny fitondram-panjakana na ny orinasa samirery.

Ity fitaovana ity dia mametraka ireo foto-kevitry ny politika sosialy eo amin'ny sehatr’asa sarotra. Ny fanarahana ny Fanambarana momba ny orinasa ifarimbonam-pirenena ataon'ireo izay voakasika rehetra dia hanampy amin'ny fametrahana tontolo tsara ho amin'ny asa mendrika, hanampy amin’ny fampivelarana ny toekarena iombonana ary ny fampandrosoana maharitra. Amprorisihana ireo mpisehatra voakasika rehetra hampihatra ny fitsipika fototry ao anatin’ny Fanambarana. Noho izany, ny Filankevi-pitantanan'ny Birao iraisam-pirenena momba ny asa dia nanangana fitaovana azo ampiasaina izay voatanisa ao amin'ny tovana II.

# Fanambarana ny fitsipika fototra telo tonta eo amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny politika sosialy

Ny Fikambanana iraisam-pirenena momba ny asa (OIT), noho ny firafiny telo tonta tsy manam-paharoa, ny fahaiza-manaony ary ny traikefany maro eo amin'ny sehatra ara-tsosialy, dia manana anjara asa lehibe amin'ny famolavolana fitsipika fototra hitarihana ny fitondram-panjakana, ny fikambanan'ny mpampiasa sy ny mpiasa ary koa ny orinasa ifarimbonam-pirenena.

Nankatoavin'ny Filankevi-pitantanan'ny Birao iraisam-pirenena momba ny asa ny Fanambarana ny fitsipika fototra telo tonta eo amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny politika sosialy tamin'ny fivoriana faha 204 (Novambra 1977) ary nasiam-panitsiana izany tamin'ny fivoriana faha 279 (Novambra 2000) sy faha 295 (2006 martsa). Raha jerena ny fivoarana nisy teo ao amin'ny Fikambanana hatramin'ny fanavaozana farany an'ity fiasana ity tamin'ny 2006 - Fanambaran'ny OIT momba ny rariny ara-tsosialy ho amin'ny fanatontoloana marina noraisin'ny kaoferansa iraisam-pirenena momba ny asa tamin'ny 2008, ny fenitra iraisam-pirenena vaovao momba ny asa, ny fehin-kevitry ny kaoferansa momba ny fampiroboroboana ny orinasa maharitra (2007) ary ny momba ny asa mendrika anatin'ny tohivakam-pamatsiana manerantany (2016) - ary koa ny fitsipika fototra mitarika momba ny orinasa sy ny zon'olombelona: fanatanterahana ny rafitra "Miaro, manaja ary manarina" an'ny Firenena Mikambana (2011), ary ny tanjona sy ny kendren'ny Fandaharanasa fampandrosoana maharitra amin'ny taona 2030 (2015) izay manan-danja manokana amin'ny Fanambarana, ary tsy hadino koa ny Fandaharanasa an'i Addis Abeba (2015) momba ny famatsiam-bola ho an'ny fampandrosoana, ny amin'ny fifanarahana tao Paris (2015) momba ny fiovaovan'ny toetr'andro ary ny fitsipika fototry OECD ho an'ny orinasa ifarimbonam-pirenena (nohavaozina tamin'ny 2011), dia nanapa-kevitra ny Filankevi-pitantanana, tamin'ny fivoriana faha 329 (Martsa 2017), fa hanatsara indray ny Fanambarana. Tamin'ny fivoriana faha 346 (Oktobra-Novambra 2022), taorian'ny fankatoavana ny kaoferansan'ny famahana olana momba ny fampiatiana eo amin'ny toeram-piasana azo antoka sy mahasalama ao anatin'ny rafitry ny fitsipika fototra sy ny zo fototry ny asa napetraky ny OIT, dia nandany ny fanitsiana fanampiny ny Filankevi-pitantanana. Nankatoaviny ity rijan-teny nohavaozina manaraka ity dia ny amin'ny Fanambarana momba ny fitsipika fototra telo tonta eo amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny politika sosialy, izay azo antsoina hoe Fanambarana momba ny orinasa ifarimbonam-pirenena, ary manasa ny fitondram-panjakana amin'ireo firenena mpikambana ao amin'ny OIT, ny fikambanan'ny mpampiasa sy ny mpiasa voakasika ary ny orinasa ifarimbonam-pirenena ao amin'ny faritaniny mba hanaja ny fitsipika fototra voarakitra ao.

## ► Tanjona sy sehatra fampiharana

1. Mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny toekaren'ny ankamaroan'ny firenena sy eo amin'ny fifandraisana ara-toekarena iraisam-pirenena ny orinasa ifarimbonam-pirenena izay manandrify kokoa ny fitondram-panjakana, ny mpampiasa sy ny mpiasa ary ny fikambanana misy azy avy. Ireo orinasa ireo dia afaka mitondra tombontsoa azo tsapain-tanana ho an'ny firenena foiben-toerana sy ny firenena mpampiantrano noho ny fampiasam-bolan'izy ireo mivantana iraisam-pirenena, ny varotra ary ny fomba hafa amin'ny alalan'ny fandraisany anjara amin'ny fampiasana mahomby kokoa ny renivola, ny teknolojia ary ny mpiasa. Ao anatin'ny sehatry ny politikam-pampandrosoana maharitra napetraky ny fitondram-panjakana, ny orinasa ifarimbonam-pirenena ihany koa dia afaka mandray anjara betsaka amin'ny fampiroboroboana ny fianohana ara-toekarena sy ara-tsosialy, ny fanatsarana ny fari-piainana sy ny fanomezana fahafaham-po amin'ny filàna fototra, amin'ny famoronana asa, na mivantana na tsy mivantana, ary amin'ny fizakana ny zo maha olona, anisan'izany ny fahalalahana sendikaly, manerantany. Saingy ny fandrosoana entin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena ao anatin'ny fandaminan'izy ireo ny asa aman-draharahany ivelan'ny sehatry ny firenena dia mety hitarika fifantohan-kery ara-toekarena tafahoatra ary hiteraka fifanoherana eo amin'ny tanjon'ny politikam-pirenena sy ny tombontsoan'ny mpiasa. Fanampin'izany, ny fahasarotana eo amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny fahasarotana amin'ny fanavahana mazava ny fahasamihafana eo amin'ny firafiny, ny asany ary ny politikany dia indraindray miteraka olana any amin'ireo firenena foiben-toerana, any amin'ireo firenena mpampiantrano na any amin'ny roa tonta.
2. Ny tanjon'ity Fanambarana ity dia ny hamporisika ireo orinasa ifarimbonam-pirenena handray anjara tsara amin'ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy ary amin'ny fanatanterahana asa mendrika ho an'ny rehetra, ary koa ny fanalefahana sy ny famahana ny olana mety ateraky ny asan'izy ireo isan-karazany.
3. Mahazo vahana izany tanjona izany amin'ny alalan'ny fandanian'ny fitondram-panjakana ny lalàna, ny politika, ny fepetra ary ny fanapahan-kevitra tandrify, ao anatin'izany ny sehatry ny fitantanana ny asa sy ny fisafoan'asa, ary koa ny fiaraha-miasa eo amin'ny fitondram-panjakana sy ny fikambanan'ny mpampiasa ary ny mpiasa avy amin' ny firenena rehetra.
4. Ireo fitsipika fototra voalaza ato amin'ity Fanambarana ity dia natao hitari-dalana ny fitondram-panjakana, ny fikambanan'ny mpampiasa sy ny mpiasa ao amin'ny firenena foiben-toerana sy ny firenena mpampiantrano ary ny orinasa ifarimbonam-pirenena amin'ny fepetra sy ny tsirin-kevitra raisin'izy ireo ary ny politika sosialy atsangan'izy ireo, anisan'izany ireo mifototra amin'ny fitsipika fototra voalaza ao amin'ny Lalàm-panorenana sy ao amin'ny fifanarahana ary tolo-kevitra avy amin'ny OIT mifanaraka amin'izany, mba hamporisihana ny fandrosoana ara-tsosialy sy ny asa mendrika.
5. Ireo fitsipika ireo dia tsy mikendry ny hametraka na hampitoetra fitondrana tsy mitovy eo amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny orinasam-pirenena. Ireo fitsipika ireo koa dia mampiseho ny fanao tsara ho an'ny orinasa rehetra. Isaky ny mihatra amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena toy ny amin'ny orinasam-pirenena ny fitsipika fototr'ity Fanambarana ity, dia fihetsika mitovy amin'ny ankapobeny ary fanao ara-tsosialy mitovy no tokony andrasana amin'izy roa.

6. Tsy tena ilaina ny famaritana mazava araka ny lalàna ny orinasa ifarimbonam-pirenena mba hahatonga ny Fanambarana momba ny orinasa ifarimbonam-pirenena hahatanteraka ny tanjony ; ity paragrafy ity dia natao hahatakarana tsara kokoa ny Fanambarana fa tsy hanomezana famaritana. Ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia ahitana orinasa - na an'ny Fanjakana manontolo na an'ny Fanjakana amin'ny ampahany na an'ny tsy miankina - izay manana ny enti-manana amin'ny famokarana na fitsinjarana, manana tolotra na enti-manana hafa any ivelan'ny firenena misy ny foiben-toerany. Mety ho lehibe na kely ary manana ny foiben-toerany any amin'ny faritra misy azy eran-tany. Miovaova be ny herin'ny fizakan-tenan'ny orinasa tsirairay raha miohatra amin'ny sasany eo amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena, miankina amin'ny toetran'ny fifandraisana mampiray ireo orinasa ireo sy ny sehatr'asany ary ny fahasamihafana lehibe izay mamaritra ireo orinasa voakasika ireo raha ny fijery ny endriky ny fananana, ny habeny, ny asa aman-drarahany ary ny toerana itsanganany. Raha tsy misy fanamarihana manokana, ny teny hoe « orinasa ifarimbonam-pirenena », araka ny ampiasaina azy amin'ity Fanambarana ity, dia manondro ireo fikambanana isan-karazany (orinasa reniny, orinasa eo an-toerana na izy roa miaraka, na koa vondrom-pikambanana), izay mifampitsinjara andraikitra ka heverina fa hiara-miasa sy hifanampy, raha ilaina, mba hitandrina tsara ireo fitsipika fototra voalaza ato amin'ity Fanambarana ity. Araka izany, ny orinasa ifarimbonam-pirenena matetika dia mihodina amin'ny alalan'ny fifandraisany amin'ny orinasa hafa eo amin'ny sehatry ny zotram-pamokarana ankapoben'izy ireo ka ahafahany manatanteraka ny tanjon'ity Fanambarana ity.

7. Ity Fanambarana ity dia mampiseho ireo fitsipika fototra mikasika ny sehatr'asa, ny fanofanana, ny fepetra iasana sy iainana ary ny fifandraisana arak'asa izay anafatrafarana ny fitondram-panjakana, ny fikambanan'ny mpampiasa sy ny mpiasa ary ny orinasa ifarimbonam-pirenena ny fanatanterahana izany an-tsitrapo ; ireo fitsipika fototra ireo dia tsy mametra na manova na amin'ny inona na inona ny adidy ateraky ny fanamafisana fifanarahana napetraky ny OIT.

8. Ny mpisehatra rehetra voakasiky ny Fanambarana momba ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hanaja ny fahefan'ny Fanjakana, hitandrina ny lalàn'ny firenena sy ny fitsipi-pifehezana, hihevitra ny fahazaran-draharaha eo an-toerana ary hanaja ny fenitra iraisam-pirenena. Tokony hihazona ny fanoloran-tenany ihany koa izy ireo, izay nekeny tamin-kalalahana mifanaraka amin'ny lalàn'ny firenena sy ny adidy iraisam-pirenena. Tokony hanaja ny Fanambarana iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona (1948) sy ny Fifanekena iraisam-pirenena (1966) mifandray amin'izany izay neken'ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana, ary koa ny Lalàm-panorenan'ny Fikambanana iraisam-pirenena momba ny asa sy ny foto-keviny izay ahitana ny fahalalahana maneho hevitra sy ny fahalalahan'ny fikambanana izay fepetra tena ilaina amin'ny fandrosoana maharitra.

9. Ny mpisehatra rehetra dia tokony handray anjara amin'ny fampiharana ny Fanambaran'ny OIT mikasika ny fitsipika fototra sy ny zo fototra momba ny asa (1998), izay nasiam-panitsiana tamin'ny taona 2022. Ny rehetra mpikambana, na dia tsy nampanan-kery ny fifanarahana fototra voalaza aza, dia manana adidy, amin'ny maha-mpikambana azy fotsiny ao amin'ny Fikambanana, hanaja, hanandratra ary hanatanteraka, amin'ny hitsim-po sy mifanaraka amin'ny Lalàm-panorenana, ireo foto-kevitra momba ny zo fototra izay voalazan'ireo fifanarahana ireo, dia ny: a) fahalalahan'ny fikambanana sy ny fanekena feno ny zon'ny fifampiraharahan'ny mpampiasa sy ny mpiasa; b) fanafoanana ny karazana asa rehetra an-terivozona na didian-katao; d) fanafoanana marina ny fampiasana ankizy; e) fanafoanana ny fanavakavahana eo amin'ny fampananan'asa sy ny asa; f) toeram-piasana azo antoka sy mahasalama. Angatahana mandrakariva ny fitondram-panjakana tsy mbola nampanan-kery ireo fifanarahana mikasika ny fitsipika fototra sy ny zo fototra momba ny asa voarakitra ao anatin'ny Fanambarana tamin'ny 1998 mba hanao izany. Ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia afaka hahatanteraka ny tanjony amin'ny alalan'ny fandraisana anjara miharihary amin'izany eo amin'ny asa aman-draharahany.

10. Ireo fitsipika fototra voalaza ato amin'ity Fanambarana ity dia natao ho an'ny fitondram-panjakana, ny fikambanan'ny mpampiasa sy ny mpiasa any amin'ny firenena foiben-toerana sy any amin'ireo firenena mpampiantrano ary ireo orinasa ifarimbonam-pirenena. Noho izany, ny mpisehatra isan-karazany dia manana ny anjara asany manokana. Amin'izay lafiny izay, ny tanjona amin'izao Fanambarana izao dia :

a) Ny fitsipika fototra mitarika momba ny orinasa sy ny zon'olombelona : ny fampiharana ny foto-kevitry ny Firenena Mikambana « *Miaro, manaja ary manarina* » (2011) izay mamaritra ny adidy sy ny andraikitry ny fitondram-panjakana sy ny orinasa manoloana ny zon'olombelona. Ireo fitsipika fototra ireo dia mampatsiahy ifotony: (i) ny adidin'ny Fanjakana amin'ny fanajana, ny fiarovana ary ny fampiharana ny zon'olombelona sy ny fahalalahana fototra (« *obligation de protéger les droits de l'homme incombant à l'État*») ; ii) ny anjara asan'ny orinasa amin'ny maha vondrona manokana eo amin'ny fiarahamonina azy, amin'ny fanarahana ny lalàna manan-kery rehetra sy ny fanajana ny zon'olombelona (« *responsabilité incombant aux entreprises de respecter les droits de l'homme »*); (iii) ny zo sy ny adidy miaraka amin'ny fampakaran-draharaha araka ny tokony ho izy sy ahitam-bokatra raha sendra misy fanitsakitsahana (« *accès aux voies de recours* »).

b) Ireo fitsipika fototra mitarika dia mihatra amin'ny Fanjakana rehetra sy ny orinasa rehetra, na ifarimbonam-pirenena na hafa, na ahoana habeny, ny lafi-pihariany, ny sehatra iasany, ny fitondram-pananany ary ny firafiny.

d) Ny andraikitra amin'ny fanajana ny zon'olombelona dia mandidy ny orinasa, anisan'izany ny orinasa ifarimbonam-pirenena na aiza na aiza iasany, mba : i) hisoroka ny tsy hisian'ny akony ratsy momba ny zon'olombelona eo amin'ny asa aman-draharahany, hitondra vahaolana ny amin'izany fiantraikany ratsy izany raha toa ka mitranga; (ii) hiezaka ny hisoroka na hanalefaka ny akony ratsy momba ny zon'olombelona mifandray mivantana amin'ny asa aman-draharahany, ny vokatra na ny tolotra avy amin'ny fifandraisany ara-barotra, eny fa na dia tsy nandray anjara tamin'ireo fiantraikany ratsy ireo aza izy ireo.

e) Ny orinasa, anisan'izany ny orinasa ifarimbonam-pirenena, dia tokony haneho fahamalinana ara-drariny mba hamantarana, hisorohana ary hanalefahana ny akony ratsy momba ny zon'olombelona eo amin'ny asa aman-draharahany, ary koa hanao tatitra ny fomba iatrehan'izy ireo ny olana mifandray amin'ny zon'olombelona eken'ny iraisam-pirenena, izany hoe fara fahakeliny, amin'ireo voarakitra ao amin'ny volavolan-dalàna iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona sy ireo foto-kevitra mikasika ny zo fototra ao amin'ny Fanambaran'ny OIT mifanaraka amin'ny fitsipika sy ny zo fototra momba ny asa.

f) Mba hanombanana ny loza mety hitranga mifandray amin'ny zon'olombelona, ny orinasa, anisan'izany ny orinasa ifarimbonam-pirenena, dia tokony hamantatra sy hanombantombana ny tena na ny mety ho akony ratsy momba ny zon'olombelona, izay mety nandraisan'izy ireo anjara na tamin'ny alalan'ny asa aman-draharahany manokana na tamin'ny alalan'ny fifandraisany ara-barotra. Ity dingana ity dia tokony misy fiaraha-midinika marina miaraka amin'ireo vondrona sy mpandray anjara hafa mety ho voakasik'izany, anisan'izany ny fikambanan'ny mpiasa, ary izany dia arakaraka ny haben'ny orinasa sy ny toetoetrany ary ny sehatr'asany. Mba hanatrarana ny tanjon'ny Fanambarana momba ny orinasa ifarimbonam-pirenena, ity dingana ity dia tokony hanao ho zava-dehibe lalandava ny anjara asa fototry ny fahalalahana sendikaly sy ny fifampiraharahan'ny mpampiasa sy ny mpiasa ary koa ny fifandraisana arak'asa sy ny fifanakalozan-kevitra ara-tsosialy.

**11.** Ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hametraka ho zava-dehibe ny tanjon'ny politika iombonana napetraky ny firenena iasany. Ny asa aman-draharahan'izy ireo dia tokony hifanaraka amin'ny lalàn'ny firenena ary hifanindra an-dalana amin'ny laharam-pahamehan'ny fampandrosoana ary ny rafitra sy ny tanjona ara-tsosialin'ny firenena iasany. Noho izany, dia tokony hisy ny fifampidinihana eo amin'ireo orinasa ifarimbonam-pirenena, ny fitondram-panjakana, raha ilaina, ary eo amin'ireo fikambanam-pirenen'ny mpampiasa sy ny mpiasa voakasika.

**12.** Ny fitondram-panjakan'ny firenena mpampiantrano dia tokony hampiroborobo ny fanao tsara ara-tsosialy, araka ity Fanambarana ity, eo anivon'ny orinasa ifarimbonam-pirenena miasa ao amin'ny faritry ny taniny. Ny fitondram-panjakanan'ny firenena foiben-toerana ihany koa dia tokony hampiroborobo ny fanao tsara ara-tsosialy, araka ity Fanambarana ity, eo anivon'ireo orinasa ifarimbonam-pirenena miasa any ivelany, amin'ny fiheverana ny lalàna, ny fitsipika ary ny fanao ara-tsosialy any amin'ny firenena mandray azy, ary koa ny fenitra iraisam-pirenena mifandray amin'izany. Ny fitondram-panjakan'ny firenena mpampiantrano sy ny fitondram-panjakan'ny firenena foiben-toerana dia samy tokony ho vonona ny hanao fifampidinihana mifamaly, isaky ny ilaina, miainga avy any amin'ny iray na ny iray hafa.

# ► Fampananana asa

## Fampiroboroboana ny fampananana asa

**13.** Mba handrisika ny fitomboana sy ny fampandrosoana ara-toekarena maharitra, hampiakatra ny fari-piainana, hamahana ny filàna eo amin'ny fampananana asa ary hamahana ny tsy fananana asa sy ny tsy fahampiana asa, ny fitondram-panjakana dia tokony hamolavola sy hampihatra, ho toy ny tanjona fototra, ny politika mikendry ny fampiroboroboana ny fampananana asa feno, mamokatra ary nosafidiana an-kalalahana ary ny fampiroboroboana ny asa mendrika.

**14.** Zava-dehibe manokana eo amin'ny raharahan'ny fitondram-panjakana mpampiantrano izany izay tena efa lalina tokoa ny olan'ny tsy fananana asa sy ny tsy fahampiana asa, indrindra any amin'ireo faritra an-dalam-pandrosoana manerantany. Amin'izay lafiny izay, dia zava-dehibe ny manao an-tsaina ny Fandaharam-potoana ankapobe momba ny asa (2003), ny fehin-kevitry ny fihaonana momba ny fampiroboroboana ny orinasa maharitra (2007), ny fifanarahana manerantany momba ny fampananana asa (2009), izay nasiam-panitsiana tamin'ny taona 2022, ary ny tanjon'ny fampandrosoana maharitra faha 8.

**15.** Ny paragrafy faha 13 sy 14 dia manoritra ny sehatra tokony andinihana ny fiantraikan'ny orinasa ifarimbonam-pirenena eo amin'ny fampananana asa, na any amin'ny firenena foiben-toerana na any amin'ny firenena mpampiantrano.

**16.** Ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hiezaka hanatsara ny fisian'asa sy ny fenitry ny fampananana asa, amin'ny fijerena ny politika sy ny tanjon'ny fitondram-panjakana amin'ny fampananana asa, ary koa ny fiarovana ny fampanananana asa sy ny fampandrosoana maharitry ny orinasa, indrindra rehefa manatanteraka ny asa aman-draharahany any amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana.

**17.** Mialoha ny hanombohan'izy ireo ny asa aman-draharahany, ny orinasa ifarimbonam-pirenena, amin'ny toe-javatra rehetra dia tokony hifandinika amin'ny manampahefana mahefa sy ny fikambanam-pirenen'ny mpampiasa sy ny mpiasa mba hampirindra araka izay azo atao ny drafitry ny fampananana asa eo amin'ny politikam-pirenena momba ny fampandrosoana ara-tsosialy. Tokony hotohizan'izy ireo izany fifampidinihana izany, toy ny amin'ny orinasam-pirenena, miaraka amin'ireo mpisehatra voakasika rehetra, anisan'izany ny fikambanan'ny mpiasa.

**18.** Ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hanao laharam-pahamehana ny fampananana asa, ny fivelarana arak'asa, ny fisondrotana sy ny fandrosoan'ny teratany ao amin'ny firenena mpampiantrano amin'ny ambaratonga rehetra, amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa, raha ilaina, miaraka amin'ny solontenan'ny mpiasa miasa ao aminy na ny fikambanana misy azy ireo ary miaraka amin'ny manampahefana ao amin'ny fitondram-panjakana.

**19.** Rehefa mampiasa vola any amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hihevitra ny hampiasa haitao miteraka fampananana asa, mivantana na ankolaka. Araka izay azo atao, raha ny fomba fiasa sy ny toe-java-misy eo amin'ny sehatra ara-toekarena no resahina, izy ireo dia tokony hampifanaraka ny tekinika amin'ny filàna sy ny toetoetran'ireo firenena mpampiantrano. Tokony handray anjara ihany koa izy ireo amin'ny famolavolana tekinika sahaza any amin'ireo firenena mpampiantrano.

**20.** Mba hampiroboroboana ny fampananana asa any amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana, ao anatin'ny sehatry ny toe-karena manerantany mitatra, ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hiomana hanao fifanarahana amin'ny orinasam-pirenena momba ny fanamboarana kojakoja sy fitaovana, hampiasa ny akora fototra eo an-toerana ary hamporisika tsikelikely ny fanodinana ny akora fototra eo an-toerana. Izy ireo dia tsy tokony hanararaotra ny fifanarahana mba hialana amin'ny andraikitra

voarakitra ao amin'ny foto-kevitr'ity Fanambarana ity.

**21.** Ny fitondram-panjakana dia tokony hamolavola sy hampihatra sehatr’asa politika iaraha-manatontosa mba hanamorana ny fiampitana mankany amin'ny fiharian-karena ara-dalàna, raha ny fijery ny zava-misy dia miharihary tokoa ny fiharian-karena tsy ara-dalàna noho ny tsy fahampian'ny asa mendrika. Ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny orinasa hafa dia tokony samy handray anjara amin'izany tanjona izany.

## Fiarovana ara-tsosialy

**22.** Ny fitondram-panjakana dia tokony hametraka na hihazona, araka ny tokony ho izy, ny fiahiana ara-tsosialy ho toy ny singa fototra eo amin'ny rafi-pirenena ary hanatanteraka izany singa fototra izany ho ao anaty tetikady fanitarana ny fiarovana ara-tsosialy izay miantoka tsikelikely ny fiarovana ara-tsosialy amin’ny lenta ambony indindra ho an’ny olona betsaka araka izay azo atao, araka ny tari-dalana nomena tamin’ny alalan’ny fenitry napetraky ny OIT mikasika ny fiarovana ara-tsosialy. Afaka mitana anjara asa amin'ny fampiroboroboana izany politika izany ny mpiara-miombon'antoka ara-tsosialy. Ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny orinasa hafa dia afaka mameno ny rafi-piarovana ara-tsosialin'ny fanjakana ary manampy amin'ny famporisihana ny fivoarany, amin'ny alàlan'ny fandaharanasa izay apetrany amin’ny maha mpampiasa azy.

## Fanafoanana ny asa an-terivozona na didian-katao

**23.** Tokony handray fepetra mahomby ny fitondram-panjakana hisorohana sy hanafoanana ny asa an-terivozona, hanome fiarovana an'ireo iharam-boina sy hiantoka ny fitondrana ny raharaha eny amin’ny fitsarana ary ny fahazoana fanarenana sahaza, toy ny fanomezana onitra sy fanarenana ny takaitra ary hanasazy ireo mpanao asa an-terivozona na didian-katao. Tokony hamolavola politikam- pirenena sy drafitrasam-pirenena amin’ny alalan’ny fifampidinihana miaraka amin'ny fikambanan'ny mpampiasa sy ny mpiasa, izay omanin’ny manampahefana mahefa ary, raha ilaina miaraka amin’ny fikambanan'ny mpampiasa sy ny mpiasa ary ireo vondrona voakasika.

**24.** Ao anatin’ny tanjona fanafoanana ny asa an-terivozona na didian-katao, ny fitondram-panjakana dia tokony hitarika sy hanohana ny mpampiasa sy ny orinasa handray fepetra mahomby hamantarana, hisorohana ary hanalefahana ny loza ateraky ny asa an-terivozona na didian-katao, ary hitatitra amin’ny fomba fahatakarany ireo loza, eo amin’ny sehatry ny asa aman-draharahany na eo amin'ny vokatra, tolotra na asa izay mety mifandray mivantana aminy.

**25.** Ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny orinasam-pirenena dia tokony handray fepetra haingana sy mahomby, araka ny fahefany, hahazoana mandrara sy manafoana ny asa an-terivozona na didian-katao eo amin'ny sehatry ny asa aman-draharahan’izy ireo.

## Fanafoanana tanteraka ny fampiasana ankizy : fe-taona farany ambany sy endrika ratsy indrindra amin’ny asa

**26.** Ny fitondram-panjakana dia tokony hamolavola politikam-pirenena mikendry ny fanafoanana tanteraka ny fampiasana ankizy, handray fepetra haingana sy mahomby hanamafisana ny fandrarana sy ny fanafoanana ny endrika ratsy indrindra amin'ny fampiasana ankizy, ary hampiakatra tsikelikely ny fe-taona farany ambany amin'ny fidirana eo amin'ny sehatry ny asa ahafahan'ireo zatovo mahatratra ny fivoarana feno ara-batana sy ara-tsaina.

**27.** Ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny orinasam-pirenena dia tokony hanaja ny fe-taona farany ambany indrindra hidirana amin'ny asa, mba hanamafisana ny fanafoanana tanteraka ny fampiasana ankizy eo amin'ny sehatr’asany, ary tokony handray maika, ao araka ny fahefany, ny fepetra haingana sy mahomby hanamafisana ny fandrarana sy ny fanafoanana ny endrika ratsy indrindra amin'ny fampiasana ankizy.

## Vintana sy fitondrana mitovy

**28.** Ny fitondram-panjakana dia tokony hitondra politika fampiroboroboana ny vintana sy ny fitondrana mitovy eo amin'ny sehatry ny asa, mba hanafoanana ny fanavakavahana rehetra mifototra amin'ny firazanana, ny volon-koditra, ny maha lahy na ny maha vavy, ny finoana, ny fikambanana amina antoko politika ary ny firenena na ny fiarahamonina niaviana

**29.** Ny fitondram-panjakana dia tokony hanandratra ny foto-kevitry ny fitovian-karama eo amin'ny mpiasa lehilahy sy vehivavy amin'ny asa mitovy.

**30.** Ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony haka hevitra amin'ny fitsipika fototry ny tsy fanavakavahana eo amin'ny asa aman-draharahany rehetra, tsy tohinina ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha 18 na ny politikam-panjakana natao hanitsiana ny zava-nisy ara-tantara momba ny fanavakavahana ary hampiroboroboana ny vintana sy ny fitondrana mitovy eo amin'ny sehatry ny asa. Noho izany, ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hametraka fahaizana, fahaiza-manao ary traikefa amin'ny masontsivana fandraisana mpiasa, fametrahana, fanofanana ary ny hampivelatra ny mpiasa ao aminy eo amin'ny ambaratonga rehetra.

**31.** Ny fitondram-panjakana dia tokony tsy hanery na hamporisika na oviana na oviana ny orinasa ifarimbonam-pirenena hanao fanavakavahana mifototra amin'ireo endrika voalaza ao amin'ny andininy faha 28. Amporisihina izy ireo hanohy hanome tari-dalana, raha azo atao, mba hialana amin'ny endrika fanavakavahana eo amin'ny fampananana asa.

## Fiarovana ny fampananana asa

**32.** Ny fitondram-panjakana dia tokony handalina ny fiantraikan'ny orinasa ifarimbonam-pirenena eo amin'ny fampananana asa ao anatin'ny lafim-pihariana indostrialy isan-karazany. Ny fitondram-panjakana sy ny orinasa ifarimbonam-pirenena avy amin'ny firenena rehetra dia tokony handray fepetra tandrify hiatrehana ny akon'ny asa aman-draharahan'ireo orinasa eo amin'ny fampananana asa sy ny tsenan'ny asa.

**33.** Ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny orinasam-pirenena dia tokony hiezaka hiantoka asa marin-toerana ho an'ny mpiasa ampiasain'ny orinasa tsirairay, amin'ny alalan'ny fandrindrana ny fisahanan'asa ary manatanteraka ireo andraikitra nifanarahana tamin-kalalahana momba ny fahamarinan-toeran'ny asa sy ny fiarovana ara-tsosialy. Noho ny fahaiza-mandamina ananan'ny orinasa ifarimbonam-pirenena, dia tokony hiezaka izy ireo handray andraikitra amin'ny fampiroboroboana ny fiarovana ny fampananana asa, indrindra any amin'ireo firenena izay nampitsaharany ny asany ka mampitombo ny tsy fananan'asa mandritra ny fotoana maharitra.

**34.** Ny orinasa ifarimbonam-pirenena izay mikasa ny hanatanteraka fanovana eo amin'ny sehatr'asany (anisan'izany ny mety ho fitambarana orinasa, fividianana indray na famindrana fitaovam-pamokarana) izay mety hisy fiantraikany lehibe eo amin'ny fampananana asa dia tokony hampandre ao anatin'ny fe-potoana antonony ny manampahefana mahefa sy ny solontenan'ny mpiasa miasa ao aminy, ary koa ny fikambanan'izy ireo, mba ahafahana mandinika miaraka ny akon'izany sy hanalefahana araka izay azo atao ny fiantraikany ratsy. Zava-dehibe indrindra izany raha sendra fanakatonana orinasa iray izay mitarika fandroahana faobe.

**35.** Tokony hialana ny fomba fandroahana tsy ara-dalàna.

**36.** Ny fitondram-panjakana miaraka amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny orinasam-pirenena, dia tokony hiahy ny fidiram-bolan'ireo mpiasa noroahana na amin'ny endrika manao ahoana na manao ahoana.

## ► Fanofanana

**37.** Ny fitondram-panjakana miaraka amin’ireo mpisehatra voakasika rehetra dia tokony hamolavola politikam-pirenena momba ny fanofanana sy tari-dalana arak’asa mifandray tanteraka amin’ny fampananana asa, izay mamaritra araka izany ny sehatra tokony hanoritan'ny orinasa ifarimbonam-pirenena ny politikam-panofanany.

**38.** Ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hiantoka fa ny mpiasa miasa ao aminy amin'ny ambaratonga rehetra, ao amin'ny firenena mpampiantrano dia misitraka fanofanana mifanaraka amin'ny filàn'ny orinasa ary koa amin'ny politikam-pampandrosoan’ny firenena. Io fanofanana io dia tokony hampivelatra, araka izay atao, ny fahaiza-manao ilaina amin'ny ankapobeny, ary hampiroborobo ny fahazoana asa sy ny fianarana asa mandritra ny fiainana. Izany andraikitra izany dia tokony hotanterahina miaraka amin'ny manampahefana ao amin'ny firenena, ny fikambanan'ny mpampiasa sy ny mpiasa ary ireo andrim-panjakana mahefa ifotony eo amin’ny firenena na iraisam-pirenena.

**39.** Ny orinasa ifarimbonam-pirenena miasa any amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana dia tokony handray anjara, mitovy amin'ny orinasam-pirenena ihany, amin'ny fandaharanasa entanin'ny fanjakana ao amin’ny firenena mpampiantrano, anisan'izany ny famatsiam-bola manokana, ary tohanan'ny fikambanan’ny mpampiasa sy ny mpiasa. Ireo fandaharanasa ireo dia tokony hamporisika ny fahazoana sy ny fampivelarana ny fahaiza-manao sy ny fianarana asa mandritra ny fiainana ary koa ny fanomezana tari-dalana arak’asa. Tokony hiara-mitantana miaraka amin’ireo mpisehatra mpanohana azy ny fandaharanasa. Araka izay azo atao, ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony, ao anatin'ny fampandrosoana ny firenena, hanolotra fiofanana tsara kalitao ho an'ireo mpiasa mba ho fanampiana amin'ny fanatanterahana ny fandaharam-panofanana karakarain'ny fanjakana.

**40.** Ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hiara-hiasa amin'ny fanjakana ho amin'ny fampandehanan-draharahan’ny orinasa araka ny tokony ho izy, hanome fahafahana ho an'ny mpiasa mpitantana eo an-toerana rehetra hanitatra ny traikefany eo amin’ny sehatra tandrify azy toy ny fifandraisana arak’asa.

# ► Fepetra iasana sy iainana

## Karama, fisahanan'sa ary fepetra fiasana

**41.** Ny orinasa ifarimbonam-piernena dia manome karama, fisahanan'asa ary fepetra iasana tsy latsa-danja noho ny omen'ny mpampiasa mitovy aminy ao amin'ny firenena mpampiantrano, ao anatin'ny asa aman-draharaha rehetra ataon'izy ireo. Raha tsy misy mpampiasa azo ampitahaina, dia tokony hanome ny karama, fisahanan'asa ary fepetra iasana tsara indrindra izy ireo. Ireo singa omen-danja amin'izany dia tokony ahitana : a) ny filàn'ny mpiasa sy ny fianakaviany, amin'ny fijerena ny mari-karama ankapoben'ny firenena, ny vidim-piainana, ny tombontsoa ara-tsosialy ary ny fari-piainan'ny vondrona sosialy hafa. ; ary b) ireo antony ara-toekarena, ao anatin'izany ny fepetra takian'ny fampandrosoana ara-toekarena, ny famokarana ary ny fikatsahana hanatratra sy hihazonana fampananana asa ambony. Rehefa mampisitrika tombontsoa ho an'ny mpiasa toy ny trano fonenana, fitsaboana na sakafo ny mpampiasa, dia tokony ho amin'ny lenta mendrika ireo tombontsoa ireo.

**42.** Ny fitondram-panjakana, indrindra fa eo amin'ireo firenena an-dalam-pandrosoana dia tokony hiezaka handray fepetra mifanentana mba hampahazo antoka fa ireo vondron'olona ambany fidiram-bola sy ireo faritra tsy dia mandroso no omena tombony araka izay azo atao amin'ny asan'ny orinasa ifarimbonam-pirenena

## Aro loza sy fahasalamana

**43.** Ny fitondram-panjakana dia tokony hanao izay ahazoana antoka fa ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny orinasam-pirenena dia mampihatra ireo fepetra mifanaraka amin'ny aro loza sy ny fahasalamana ary mandray anjara amin'ny fampiroboroboana ny kolontsain'ny fisorohana ao anatin'ny orinasa, mba hametrahana tontolo manodidina azo antoka sy ara-pahasalamana eo amin'ny asa. Tafiditra ao anatin'izany ny fandraisana fepetra hiadiana amin'ny herisetra atao amin'ny vehivavy sy amin'ny lehilahy ao amin'ny toeram-piasana ary miantoka ny aro loza amin'ny trano fiasana. Ny fenitry iraisam-pirenena momba ny asa, anatin'izany ny lisitry ny aretina ateraky ny asa, ary koa ireo amboaran-tari-dalana enti-miasa sy ny fitsipika fototra mitarika hita ao anatin'ny lisitry ny boky navoakan'ny BIT miompana amin'ny aro loza sy ny fahasalamana amin'ny asa dia tokony omena laja ihany koa. Ny mpiasa izay niharan'ny loza am-perin'asa sy ny aretina vokatry ny asa dia tokony onerana

**44.** Ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hihazona ny fenitra avo indrindra momba ny aro loza sy ny fahasalamana, mifanaraka amin'ny fepetra takian'ny firenena, arakaraka ny traikefan'ny orinasa tsirairay amin'ny ankapobeny, isan'izany ny fahalalana momba ny loza mety hitranga. Tokony homen'izy ireo ho an'ny solontenan'ny mpiasa sy, araka ny fangatahan'izy ireo, ny manampahefana mahefa ary ny fikambanan'ny mpiasa sy ny mpampiasa any amin'ny firenena rehetra iasan'izy ireo, ny fampahalalana momba ny fenitry ny aro loza sy fahasalamana azo ampiharina eo amin'ny asany eo an-toerana izay hitany any amin'ny firenen-kafa. Indrindra indrindra, tokony hanao fampahafantarana amin'izay voakasiky ny loza mety hitranga rehetra noho ny fisiana entana vaovao sy fomba fiasa vaovao izy ireo, ary ny fepetra fiarovana mifanaraka amin'izany. Toy izany koa amin'ireo orinasam-pirenena, tokony hiantsoroka andraikitra voalohany indrindra amin'ny fandinihana ny anton'ireo loza mety hitranga ho fiarovana sy fitandremam-pahasalamana eo amin'ny asa ary tafiditra anatin'ny fanatsarana ny sehatry ny orinasa izany.

45. Ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hifarimbona amin'ny asan'ny fikambanana iraisam-pirenena izay miandraikitra ny fanomanana sy ny fampiharana ireo fenitra iraisam-pirenena momba ny aro loza sy ny fahasalamana.

46. Ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hiara-hiasa feno amin'ny manampahefana misahana ny aro loza sy fahasalamana, ny solontenan'ny mpiasa sy ny fikambanany ary ny sampan-draharaha mametraka ny aro loza sy ny fitandremam-pahasalamana, mifanaraka amin’ny fanao ao amin’ny firenena. Raha azo atao, ny resaka aro loza sy fahasalamana dia tokony hampidirina ao anatin'ny fifanarahana ifanaovana amin'ny solontenan'ny mpiasa sy ny fikambanan’izy ireo.

## ► Fifandraisana arak'asa

47. Ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hampihatra, eo amin'ny asa amandraharahany rehetra, ny fenitra momba ny fifandraisana arak'asa.

### Fahalalahana sendikaly sy ny zon'ny fikambanana

48. Ny mpiasa miasa amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena na amin'ny orinasam-pirenena dia tokony hanana zo, tsy misy fanavahana na amin'inona na inona ary tsy mila fahazoandàlana mialoha raha hanangana fikambanana araka izay safidiny, ary koa ny zo hiditra amin'ireo fikambanana ireo, fa ny hany fepetra dia ny fanarahana ny sata mifehy an'ity farany. Tokony ho voaaro amin'ny fanavakavahana mianjady amin'ny fahalalahana sendikaly eo amin'ny fisahanan'asa ihany koa izy ireo.

49. Ny fikambanana misolo tena ny orinasa ifarimbonam-pirenena na ny mpiasa ampiasain'izy ireo dia tokony hisitraka fiarovana mifanaraka amin'izay rehetra hetsika fisalovanana ataon'ny iray manoloana ny iray hafa, mivantana na ataon'ny mpiasa ao aminy na ny solontenany, anatin'ny fanofanana azy ireo, ny fiasany ary ny fitantanan-draharahany.

50. Raha avelan'ny toe-java-misy eo an-toerana, ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hanohana ny fikambanan'ny mpampiasa misolotena azy.

51. Entanina ny fitondram-panjakana izay mbola tsy nampihatra ny fitsipika fototry ny fifanarahana (laharana 87) momba ny fahalalahana sendikaly sy ny fiarovana ny zo sendikaly, 1948 andininy faha 5 mba hampihatra izany avy hatrany, noho ny maha ny zava-dehibe ny voarakitra ao izay mifandray amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena, mba ahafahan'ny fikambanana mpisolo tena ireo orinasa ireo na ny mpiasa ampiasain'izy ireo hiditra amin'ny fikambanana iraisam-pirenenan'ny mpampiasa sy ny mpiasa izay safidiny.

52. Ny fitondram-panjakana ao amin'ny firenena mpampiantrano dia manolotra tombontsoa manokana hisarihana ny fampiasam-bola ivelany, izany tombontsoa izany dia tsy tokony hitarika famerana amin'ny fahalalahana sendikalin'ny mpiasa na ny zon'ny fikambanana sy ny zon'ny fifampiraharahan'ny mpampiasa sy ny mpiasa.

53. Tsy tokony hosakanana tsy hifampidinika sy hifanakalo fomba fijery ny solontenan'ny mpiasa amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy amin'ny orinasam-pirenena, raha toa ka tsy manohitohina ny fampandehanan-draharahan'ny orinasa sy ny fomba mahazatra mifehy ny fifandraisan'ny solotenan'ny mpiasa sy ny fikambanany.

54. Ny fitondram-panjakana dia tsy tokony hametra ny fidiran'ny solontenan'ny fikambanan'ny mpampiasa sy ny mpiasa avy any amin'ny firenen-kafa araka ny fanasan'ny fikambanam-pirenena eo an-toerana azy ireo mba hanao fifampidinihana momba ny tombontsoa iraisana, izay antony tokana ihany mahatonga ny fidiran'izy ireo.

## Fifampiraharahan’ny mpampiasa sy ny mpiasa

**55.** Ny mpiasa miasa amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hanan-jo, araka ny lalàna sy ny fanao ao amin’ny firenena, hampahafantatra ny fikambanana misolo tena ny safidin’izy ireo manokana ho amin'ny fifampiraharahan’ny mpampisa sy ny mpiasa.

**56.** Tokony horaisina ny fepetra mifanaraka amin'ny firenena hamporisihana sy hampiroboroboana ny fampivelarana sy ny fampiasana malalaka kokoa ireo fomba fifampiraharahana an-tsitrapo eo amin'ny mpampiasa na ny fikambanan’izy ireo sy ny fikambanan'ny mpiasa mba hampanaraham-pitsika ny fepetra fisahanan’asa amin'ny alalan'ny fifanarahana iraisana.

**57.** Ny orinasa ifarimbonam-pirenena, ary koa ny orinasam-pirenena, dia tokony hanome ny enti-manana ilaina ho an'ny solontenan'ny mpiasa hanampy azy amin'ny famolavolana fifanarahana iraisana mahomby.

**58.** Ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hanao an’izay hahatonga ireo solontena nahazo alalana ara-dalàna avy amin'ny mpiasa ampiasainy, any amin'ny firenena tsirairay izay iasany, ho afaka hitarika fifampiraharahana eo amin'ny solontenan'ny mpitantana izay mahazo alalana handray fanapahan-kevitra momba ny raharaha iadian-kevitra.

**59.** Rehefa manao fifampiraharahana amin-kitsimpo amin'ny solontenan'ny mpiasa momba ny fepetra fisahanan’asa, na rehefa mampiasa ny zony handamina ny mpiasa, ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tsy tokony handrahona amin’ny fahafahany mamindra ivelan'ny firenena ny ampahany na ny manontolon’ny orinasa mba hampiharany fahefana tsy ara-drariny eo amin'izay fifampiraharahana izay na hanakantsakana ny fampiasan’ny mpiasa ny zo handamina; ary tsy tokony ihany koa izy ireo hamindra ny mpiasa amin'ny sampana misy azy ho any amin'ny firenen-kafa mba hanembatsembanana ny fifampiraharahana tamin-kitsimpo natao niaraka tamin'ny solontenan'ny mpiasa na hanembatsembanana ny fampiasany ny zo handamina.

**60.** Ny fifampiraharahan’ny mpampiasa sy ny mpiasa dia tokony ahitana fepetra famahana disadisa izay mety hipoitra avy amin'ny fandraisana sy ny fampiharana izany ary ny fepetra miantoka ny fifanajana ny zo sy ny andraikitra.

**61.** Ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hanome fanazavana fanampiny ho an'ny solontenan'ny mpiasa ny amin'ny fifampiraharahana miaraka amin’ilay orinasa resahina, rehefa mifanaraka amin'ny lalàna sy ny fanao eo an-toerana izany, ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hampahalala vaovao ihany koa ahafahan'izy ireo mahafantatra marina ny asan’ny orinasa sy ny vokatra entin’ny orinasa, raha azo atao, ny momba ny orinasa manontolo.

**62.** Ny fitondram-panjakana dia tokony hampahalala vaovao amin’ny solontenan'ny fikambanan'ny mpiasa, araka ny fangatahan'izy ireo sy araka ny lalàna sy ny fomba fanao, mikasika ireo rantsana iasan'ny orinasa izay mety hahasoa azy ireo mba ahafahana mamaritra ireo mason-tsivana tanjona eo amin’ny sehatry ny fifampiraharahan’ny mpampiasa sy ny mpiasa. Amin'izay lafiny izay, na ny orinasa ifarimbonam-pirenena na ny orinasam-pirenena dia tokony hamaly tsara ny fanjakana izay mangata-baovao mifandray amin'ny asa aman-draharahan'izy ireo.

## Fiaraha-midinika

**63.** Eo amin’ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny orinasam-pirenena, ny rafitra voavolavola amin’ny alalan’ny fifanarahana niraisan'ny mpampiasa sy ny mpiasa ary ny solontenany dia tokony anaovana fiaraha-midinika matetika, araka ny lalàna sy ny fanaon’ny firenena, mahakasika ny tombontsoa ifanakalozana. Ireo fiaraha-midinika ireo dia tsy tokony hahasolo ny fifampiraharahan’ny mpampiasa sy ny mpiasa.

## Fahazoana manao fampiakaran-draharaha sy fandinihana ny fitarainana

**64.** Ao anatin'ny adidin'izy ireo amin’ny fiarovana ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona ataon'ny orinasa, ny fitondram-panjakana dia tokony handray fepetra mifanaraka amin'izany eo amin’ny sehatry ny fitsarana, eo amin’ny fitondran-draharaham-panjakana, eo amin’ny fanaovan-dalàna na hafa, rehefa misy fanitsakitsahana mianjady toy izany eo amin'ny faritra misy azy ; ny mpiasa niharan'izany dia mahazo mampiaka-draharaha eny anivon’ny fitsarana.

**65.** Ny orinasa ifarimbonam-pirenena dia tokony hampiasa ny hery mahatarika ananany mba hamporisihana ireo mpiara-miombon'antoka ara-barotra aminy hanomana fomba mahomby ho amin’ny fanarenana raha sendra fanitsakitsahana ny zon'olombelona voamarina iraisam-pirenena.

**66.** Ny orinasa ifarimbonam-pirenena, toy ny orinasam-pirenena, dia tokony hanaja ny zon'ny mpiasa miasa ao aminy ka handinika ny fitarainana rehetra ataon’izy ireo mifanaraka amin'izao fepetra manaraka izao : ny mpiasa rehetra na mandeha irery na miaraka amin'ny mpiasa hafa ka manana antom-pitarainana dia tokony hanan-jo hametraka fitarainana sy tsy hiharan'ny fitsarana an-tendrony ary hanaovana fanadihadiana araka ny dingana mifanaraka amin’izany. Tena zava-dehibe tokoa izany rehefa ny orinasa ifarimbonam-pirenena no manao asa any amin'ireo firenena tsy manaraka ny fitsipika fototry ny fifanarahan’ny OIT momba ny fahalalahana sendikaly, ny zo handamina sy ny zon’ny fifampiraharahan’ny mpampiasa sy ny mpiasa, ny fanavakavahana, ny fampiasana ankizy, ny asa an-terivozona ary ny toeram-piasana azo antoka sy mahasalama.

## Famahana ny ady arak’asa

**67.** Ny fitondram-panjakana dia tokony hiantoka ny fisian’ny rafitra fampihavanana sy fanelanelanana an-tsitrapo mipetraka, mifanaraka amin'ny fepetran’ny firenena hisorohana sy hamahana ny ady arak’asa eo amin'ny mpampiasa sy ny mpiasa. Ny dingana arahina amin’izany dia tokony ho maimaim-poana ary faran’izay tsotra.

**68.** Ny orinasa ifarimbonam-pirenena, toy ny orinasam-pirenena, miaraka amin'ireo solontena sy fikambanan'ny mpiasa miasa ao aminy dia tokony hiezaka hametraka rafitra fampihavanana an-tsitrapo, mifanaraka amin'ny toe-javatra iainan'ny firenena, izay mety ahitana fepetra momba ny fanelanelanana an-tsitrapo hisorohana sy hamahana ny ady arak’asa eo amin’ny mpampiasa sy ny mpiasa. Amin’io rafitra fampihavanana an-tsitrapo io dia tokony hifandanja ny solontenan’ny mpampiasa sy ny mpiasa.

# ► Tovana I

## Lisitra famintinana ireo fanambaran'ny OIT, ny fifanarahana sy tolo-kevitra iraisam-pirenena momba ny asa, ireo amboaran-tari-dalana enti-miasa, ireo fitsipika fototra mitarika sy ireo antontan-kevitra mitari-dalana avy amin'ny OIT momba ny Fanambrana ny fitsipika fototra telo tonta eo amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny politika sosialy

### A. Fanambaran'ny OIT

- « Déclaration de l'OIT relative aux principes et droits fondamentaux au travail (1998) », nasiam-panitsiana tamin'ny 2022
- « Déclaration de l'OIT sur la justice sociale pour une mondialisation équitable (2008) », nasiam-panitsiana tamin'ny 2022

### B. Fifanarahana sy tolo-kevitra iraisam-pirenena momba ny asa

| | |
|---|---|
| **Asa an-terivozona** | • Convention (nº 29) sur le travail forcé, 1930, et son protocole de 2014, et recommandation (nº 35) sur la contrainte indirecte au travail, 1930<br>• Convention (nº 105) sur l'abolition du travail forcé, 1957<br>• Recommandation (nº 203) sur le travail forcé (mesures complémentaires), 2014 |
| **Fampiasana ankizy** | • Convention (nº 138) et recommandation (nº 146) sur l'âge minimum, 1973<br>• Convention (nº 182) et recommandation (nº 190) sur les pires formes de travail des enfants, 1999 |
| **Tsy fanavakavahana** | • Convention (nº 100) et recommandation (nº 90) sur l'égalité de rémunération, 1951<br>• Convention (nº 111) et recommandation (nº 111) concernant la discrimination (emploi et profession), 1958 |
| **Fahalalahana sendikaly ary fifampiraharahan'ny mpampiasa sy ny mpiasa** | • Convention (nº 87) sur la liberté syndicale et la protection du droit syndical, 1948<br>• Convention (nº 98) sur le droit d'organisation et de négociation collective, 1949<br>• Convention (nº 154) et recommandation (nº 163) sur la négociation collective, 1981 |
| **Toeram-piasana azo antoka sy mahasalama** | • Convention (nº 155) et recommandation (nº 164) sur la sécurité et la santé des travailleurs, 1981<br>• Convention (nº 187) et recommandation (nº 197) sur le cadre promotionnel pour la sécurité et la santé au travail, 2006 |
| **Fifandraisana arak'asa** | • Convention (nº 135) concernant les représentants des travailleurs, 1971<br>• Recommandation (nº 92) sur la conciliation et l'arbitrage volontaires, 1951<br>• Recommandation (nº 94) concernant la collaboration sur le plan de l'entreprise, 1952<br>• Recommandation (nº 129) sur les communications dans l'entreprise, 1967<br>• Recommandation (nº 130) sur l'examen des réclamations, 1967 |

| | |
|---|---|
| **Fampiroboroboana ny fampananana asa** | • Convention (nº 122) et recommandation (nº 122) sur la politique de l'emploi, 1964<br>• Convention (nº 168) et recommandation (nº 176) sur la promotion de l'emploi et la protection contre le chômage, 1988<br>• Recommandation (nº 169) concernant la politique de l'emploi (dispositions complémentaires), 1984<br>• Recommandation (nº 189) sur la création d'emplois dans les petites et moyennes entreprises, 1998<br>• Recommandation (nº 193) sur la promotion des coopératives, 2002 |
| **Fitondrana mitovy** | • Convention (nº 156) et recommandation (nº 165) sur les travailleurs ayant des responsabilités familiales, 1981<br>• Recommandation (nº 200) sur le VIH et le sida, 2010 |
| **Fiarovana ny fampananana asa** | • Convention (nº 158) et recommandation (nº 166) sur le licenciement, 1982 |
| **Fanofanana** | • Convention (nº 142) sur la mise en valeur des ressources humaines, 1975<br>• Recommandation (nº 195) sur la mise en valeur des ressources humaines, 2004 |
| **Fepetra fiasana** | • Convention (nº 173) et recommandation (nº 180) sur la protection des créances des travailleurs en cas d'insolvabilité de leur employeur, 1992<br>• Recommandation (nº 115) sur le logement des travailleurs, 1961<br>• Recommandation (nº 116) sur la réduction de la durée du travail, 1962 |
| **Aro loza sy fahasalamana amin'ny asa** | • Convention (nº 148) et recommandation (nº 156) sur le milieu de travail (pollution de l'air, bruit et vibrations), 1977<br>• Protocole de 2002 relatif à la convention sur la sécurité et la santé des travailleurs, 1981<br>• Convention (nº 161) et recommandation (nº 171) sur les services de santé au travail, 1985<br>• Convention (nº 162) et recommandation (nº 172) sur l'amiante, 1986<br>• Convention (nº 167) et recommandation (nº 175) sur la sécurité et la santé dans la construction, 1988<br>• Convention (nº 170) et recommandation (nº 177) sur les produits chimiques, 1990<br>• Convention (nº 174) et recommandation (nº 181) sur la prévention des accidents industriels majeurs, 1993<br>• Convention (nº 176) et recommandation (nº 183) sur la sécurité et la santé dans les mines, 1995<br>• Convention (nº 184) et recommandation (nº 192) sur la sécurité et la santé dans l'agriculture, 2001<br>• Recommandation (nº 114) sur la protection contre les radiations, 1960<br>• Recommandation (nº 118) sur la protection des machines, 1963<br>• Recommandation (nº 144) sur le benzène, 1971<br>• Recommandation (nº 147) sur le cancer professionnel, 1974<br>• Recommandation (nº 194 sur la liste des maladies professionnelles, 2002 |
| **Fiahiana ara-tsosialy** | • Convention (nº 102) concernant la sécurité sociale (norme minimum), 1952<br>• Convention (nº 121) sur les prestations en cas d'accidents du travail et de maladies professionnelles, 1964 [tableau I modifié en 1980]<br>• Convention (nº 130) et recommandation (nº 134) concernant les soins médicaux et les indemnités de maladie, 1969<br>• Recommandation (nº 202) sur les socles de protection sociale, 2012 |

| | |
|---|---|
| **Fitantanana** | • Convention (nº 81) sur l'inspection du travail, 1947<br>• Convention (nº 129) sur l'inspection du travail (agriculture), 1969<br>• Convention (nº 144) sur les consultations tripartites relatives aux normes internationales du travail, 1976 |
| **Vahoaka teratany sy avy amin'ny foko** | • Convention (nº 169) relative aux peuples indigènes et tribaux, 1989 |
| **Sokajin'ny mpiasa miavaka** | • Convention (nº 110) et recommandation (nº 110) sur les plantations, 1958<br>• Convention du travail maritime, 2006 (MLC, 2006), telle qu'amendée |

## D. Amboaran-tari-dalana enti-miasa, fitsipika fototra mitarika sy antontan-kevitra mitari-dalana avy amin'ny OIT

Ny BIT dia namolavola amboaran-tari-dalana enti-miasa, fitsipika fototra sy antontan-kevitra mitari-dalana izay mamelabelatra amin'ny antsipirihany kokoa ireo lohahevitra miavaka. Ny lisitr'ireo fiasana ireo sy ny rohy mifandray amin'izany dia azo jerena ao amin'ny tranonkala « Service d'assistance du BIT aux entreprises » mikasika ny fenitra iraisam-pirenena momba ny asa - www.ilo.org/business.

# ► Tovana II

## Fitaovana azo ampiasaina

### 1. Fanentanana [1]

Ny Filankevi-pitantanan'ny Birao iraisam-pirenena momba ny asa no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanentanana ny Fanambarana ny fitsipika fototra telo tonta eo amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny politika sosialy (Fanambarana momba ny orinasa ifarimbonam-pirenena). Manadihady tsy tapaka ny paikady ankapobeny sy ireo asa fototra mikendry ny fampiroboroboana ity fiasana ity ny Filankevi-pitantanana, miaraka amin'ny fitondram-panjakana sy ny fikambanan'ny mpampiasa ary ny mpiasa ao amin'ireo firenena mpikambana ao amin'ny OIT.

### a) Fizohina eo anivon'ny samy firenena mifanakaiky [2]

Ny rafitra fizohina dia ahitana ny famolavolana tatitra avy amin'ireo samy firenena mifanakaiky momba ny fanentanana sy ny fampiharana ny Fanambarana momba ny orinasa ifarimbonam-pirenena any amin'ireo firenena mpikambana ao amin'ny OIT amin'izay faritra voakasika. Ny tatitra isam-paritra dia mifototra indrindra amin'ireo fanazavana nampitaina ho valin'ny fanontaniana napetraky ny fitondram-panjakana sy ny fikambanan'ny mpampiasa ary ny mpiasa ao amin'ireo firenena mpikambana ireo, ary ny fivoriana manokana nokarakaraina nandritra ny fivorian'ny firenena mifanakaiky nataon'ny OIT dia manome sehatra fifanakalozan-kevitra iarahan'ny telo tonta handinihana misimisy kokoa ny hetsika fanentanana eo anivon'ireo firenena mifanakaiky ireo. Ny fanaovana ny tatitra dia isan'efa-taona, ary tatitra iray no atolotra ny Filankevi-pitantanana isaky ny fiafaran'ny fitsingerenana.

### b) Fanentanana eo anivon'ny firenena/ Fanentanana avy amin'ireo foiben'ivom-pirenena notendrena tamin'ny lafiny telo tonta [3]

Amin'ny maha zava-dehibe ny fanoloran-tena hentitra avy amin'ireo solontena telo tonta ho fanamafisana ny fiantraikan'ny fitsipika fototry ny Fanambarana momba ny orinasa ifarimbonam-pirenena ho fandraisana anjara amin'ny fandrosoana iombonana sy ny asa mendrika eo amin'ny firenena, ireo solotenam-pirenena - ny fitondram-panjakana sy ny fikambanan'ny mpampiasa ary ny mpiasa - dia entanina hanendry foiben'ivom-pirenena amin'ny lafiny telo tonta (nalaina avy amin'ny Fifanarahana laharana faha 144) mba hampiroboroboana ny fampiasana ny Fanambarana sy ny fampiharana ny foto-keviny, rehefa ilaina sy voamarina eo amin'ny sehatry ny firenena.

Amporisihina ny fitondram-panjakana hanamora ny fandraisana anjaran'ny mpiara-miombon'antoka ara-tsosialy eo amin'ireo rafitra sy dingana mifandray amin'ny fitsipika fototry ny Fanambarana, raha misy izany rafitra sy dingana izany. Ny ezaka ataon'ireo foiben'ivom-pirenena ho fanentanana mavitrika ny fitsipika fototry ny Fanambarana momba ny orinasa ifarimbonam-pirenena eo anivon'ny firenena dia :

---

[1] Fanapahan-kevitra noraisin'ny Filankevi-pitantanan'ny Birao iraisam-pirenena momba ny asa tamin'ny fotoam- pivoriana faha 317 (martsa 2013) sy faha 320 (martsa 2014) sessions.

[2] Fanapahan-kevitra noraisin'ny Filankevi-pitantanan'ny Birao iraisam-pirenena momba ny asa tamin'ny fotoam- pivoriana faha 320 (martsa 2014).

[3] Fanapahan-kevitra noraisin'ny Filankevi-pitantanan'ny Birao iraisam-pirenena momba ny asa tamin'ny fotoam- pivoriana faha 317 (martsa 2013) ary nasiam-pandinihana tamin'ny fotoam-pivoriana faha 329 (martsa 2017)

manentana ny ministera sy ny sampan-draharaham-panjakana, ny orinasa ifarimbonam-pirenena ary ny fikambanan'ny mpampiasa sy ny mpiasa momba ny fitsipika fototry ny Fanambarana ;mikarakara hetsika fanamafisana ny fahaiza-manao; ary mamorona seha-pifanakalozan-kevitra sy fampahalalam-baovao an-tserasera amin'ny fiteny eo an-toerana raha azo atao.

Ireo foiben'ivom-pirenena manana ny fahaiza-manao voafaritra dia afaka manitatra tsikelikely ny sehatra iasany sy ny asany. Ireo foiben'ivom-pirenena dia maniry ny hanangana seha- pifanakalozan-kevitra ho an'ny telo tonta mba ahafahan'ireo solontena telo tonta sy ny orinasa ifarimbonam-pirenena mandinika izay azo atolotra ary mamantatra ireo olana ateraky ny asa aman-draharahan'reo orinasa ireo eo amin'ny firenena. Izany fifanakalozan-kevitra izany dia mety hifototra amin'ny traikefa nananana teo taloha, ny lesona notsoahina ary ny fahazarana tsara indrindra ; mety ahitana koa fiaraha-midinika eo amin'ny firenena foiben-toerana sy ny firenena mpampiantrano, araka ny voalaza ao amin'ny paragrafy faha 12 amin'ny Fanambarana.

Ny foiben'ivom-pirenena dia tokony hilofo amin'ny fanentanana ny fitsipika fototry ny Fanambarana momba ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy hanamora ny fifanakalozan-kevitra amin'ny fomba mangarahara, azo raisina ary voalanjalanja manoloana ireo solontena telo tonta. Entanina izy ireo hifampiresaka sy hiara-hiasa amin'ireo mitovy andraikitra aminy any amin'ny firenen-kafa mba hifanakalo hevitra sy hampahafantatra tsara kokoa momba ny Fanambarana eo amin'ny sehatra manerantany. Entanina ihany koa izy ireo hampahafantatra tsy tapaka ny asa aman-draharahany amin'ny Birao iraisam-pirenena momba ny asa. Ny Birao dia manohana ireo firenena mpikambana amin'ny fametrahana ireo foiben'ivom-pirenena sy amin'ny fampivoarana ny asa fampiroboroboana sy ireo hetsika manamora ny fifanakalozan-kevitra mahakasika ny Fanambarana.

## d) Fanentanana ataon'ny Birao iraisam-pirenena momba ny asa

### i) Fanohanana ara-tekinika [4]

Ny paikady ankapobeny sy ireo hetsika fototra natao hampiroboroboana ity fiasana ity dia ahitana ihany koa ny fanampian'ny fitondram-panjakana, ny mpampiasa ary ny mpiasa eo amin'ny sehatra anatin'ny firenena.

### ii) Fampahalalam-baovao sy tari-dalana [5]

Ny fanazavana bebe kokoa sy ny tari-dalana momba ny fampiharana ny fitsipika fototry ny Fanambarana ao anatin'ny sehatr'asan'ny orinasa na ny fitsipika fototra voalazan'ny fenitra iraisam-pirenena momba ny asa izay mampijoro azy dia afaka alaina ao amin'ny « Service d'assistance du BIT aux entreprises ». Ity tolotra maimaim-poana sy manaja tsiambaratelo avy amin'ny Birao iraisam-pirenena momba ny asa ity dia mamaly ireo fanontaniana tsirairay apetraka aminy ; misy tranokala miompana amina lohahevitra ihany koa izay ahafahan'ny orinasa, ny sendikà ary ny mpisehatra hafa voakasika hahazo fampahalalam-baovao, fitaovana enti-miasa, loharanom-panofanana ary andiam-panontaniana araham-baliny izay manampy azy ireo amin'ny fampiharana ny fitsipika fototry ny Fanambarana momba ny orinasa ifarimbonam-pirenena.

[4] Fanapahan-kevitra noraisin'ny Filankevi-pitantanan'ny Birao iraisam-pirenena momba ny asa tamin'ny fotoam- pivoriana faha 317 (martsa 2013) sy faha 320 (martsa 2014)

[5] Fanapahan-kevitra noraisin'ny Filankevi-pitantanan'ny Birao iraisam-pirenena momba ny asa tamin'ny fotoam- pivoriana faha 301 (martsa 2008).

## 2. Fifanakalozan-kevitra eo amin’ny orinasa sy ny sendikà [6]

Amin’ny maha ivon'ny Fanambarana momba ny orinasa ifarimbonam-pirenena ny fifanakalozan-kevitra, ity paikady ity dia tena mamaly ny maha ilaina fanohanana ny fifampidinihana eo amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny solontenan'ny mpiasa voakasika, indrindra ny sendikà, momba ny fampiharana ny fitsipika fototry ny Fanambarana. Ny OIT no tena manohana sy manamora izany fifanakalozan-kevitra izany amin'ny maha manam-pahefana manerantany azy eo amin’ny sehatry ny fenitra iraisam-pirenena momba ny asa, ary koa anatin'ny paikadiny ankapobeny mikendry ny fampiroboroboana ny faneken’ireo mpisehatra samihafa ny fitsipika fototry ny Fanambarana.

Raha misy orinasa sy sendikà ka manaiky hampiasa ny tolotra omen’ny Birao iraisam-pirenena momba ny asa amin’ny fihaonana sy fifanakalozan-kevitra an-kalalahana, ny Birao dia manome azy ireo ny fomba enti-mandinika tsy momba ny atsy na ny aroa mikasika ny tombontsoa ifanakalozana. Ka amin'izany dia mametraka sy manavao ny lisitry ny mpandrary hasina za-draharaha ny Birao, izay itondrany ny fanohanana, raha ilaina, mba hanaovan’izy ireo izay ahatanteraka tsara ny asany.

Ny Birao sy ny mpandray anjara dia manaja ny tsiambaratelon’ny fifampidinihana. Mifanaraka mialoha ny amin’ny maha tsiambaratelo an’izany ireo mpandray anjara. Amin'izay lafiny izay, ny Birao, rehefa mifampidinika miaraka amin'ireo sekretarian’ny vondron'ny mpampiasa sy ny mpiasa, dia mamaritra ny mason-tsivana sy ny fomba fanao eo amin’ny resaka tsiambaratelo izay tokony ho ampiharin’ny mpandray anjara amin'ny dingan'ny fifanakalozan-kevitra.

Anjaran’ny orinasa sy ny sendikà no manapa-kevitra hoe iza no mandray anjara amin’ny dinika.

Miankina amin'ny toetry ny fangatahana, ny tolotra omen'ny Birao amin'ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny orinasa sy ny sendikà dia mety ahitana :

a) fanomezana sehatra tsy momba ny atsy na ny aroa an’ireo mpandray anjara hahazoana fifanakalozan-kevitra mivaingana ;

b) fitondrana mpanolon-tsaina ara-teknika na manam-pahaizana mba hampahazava ny dinika ifanaovan'ny orinasa sy ny sendikà ;

d) fanamorana ny fifampidinihana.

Ny fifampidinihana eo amin'ny orinasa sy ny sendikà dia mifototra amin'ny marimaritra iraisana eo amin'ny andaniny sy ny ankilany, ary ny votoatin’izany dia tsy azo ampiasaina ho amin'ny faneriterena.

Ny Birao dia mampahafantatra ny sekretarian’ny vondron'ny mpampiasa sy ny mpiasa amin’ny fiafaran’ny dinika fa vita soa aman-tsara izany.

Ny fampiroboroboana ny paikady dia azo antoka amin'ny alalan'ny « Service d’assistance du BIT aux entreprises » mikasika ny fenitra iraisam-pirenena momba ny asa, ny sekretarian’ny vondron’ny mpampiasa sy ny mpiasa ary ireo foiben’ivom-pirenena, na ireo rafitra sy fomba fiasa mitovy amin'izany ao anatin’ny firenena mpikambana ao amin'ny OIT.

---

[6] Fanapahan-kevitra noraisin’ny Filankevi-pitantanan’ny Birao iraisam-pirenena momba ny asa tamin’ny fotoam- pivoriana faha 317 (martsa 2013) ary nasiam-pandinihana indray tamin’ny fotoam-pivoriana faha 329 (martsa 2017).

### 3. Paikady famahana ny fifanolanana mikasika ny fampiharana ny Fanambarana ny fitsipika fototra telo tonta eo amin'ny orinasa ifarimbonam-pirenena sy ny politika sosialy amin'ny alalan'ny fandikana ny fepetra ao anatiny (procédure d'interpretation)[7]

1. Ny tanjon'ny paikady dia ny hanazava ny fepetra ao anatin'ny Fanambarana rehefa ilaina mba hamahana ny tsy fitovian-kevitra manoloana ny dikany izay mpitranga eo anivon'ireo mpisehatra nanolorana ny Fanambarana.

2. Tsy tokony ho mandika mitovy na manohitra ny paikadim-pirenena na ny paikady manankery napetraky ny OIT izany fandikana izany. Noho izany, dia tsy azo lazaina fa :

   a) mikasika ny lalàna sy ny fanaon'ny firenena ;

   b) mikasika ny fifanarahana sy tolo-kevitra iraisam-pirenena momba ny asa ;

   d) mikasika ny fomba fanatanterahana ny fahalalahana sendikaly

   Ny voalaza etsy ambony dia midika fa ny raharaha miankina amin'ny lalàna sy ny fanaon'ny firenena dia tokony hodinihan'ny sampan-draharaham-pirenena mifanaraka amin'izany; ny raharaha mifandray amin'ny fifanarahana sy ny tolo-kevitra iraisam-pirenena momba ny asa dia tokony hifanaraka amin'ireo paikady isan-karazany voalaza ao amin'ny andininy faha 19, 22, 24 ary 26 ao amin'ny Lalàm-panorenan'ny OIT, na koa mifanaraka amin'ny fangatahan'ny fitondram-panjakana izay mangataka amin'ny Birao fandikana tsy ofisialy, ary ny raharaha mikasika ny fahalalahana sendikaly dia tokony hohalalinina araka ny paikady manokan'ny OIT azo ampiharina amin'izany.

3. Rehefa voarain'ny Birao iraisam-pirenena momba ny asa ny fangatahana fandikana ny Fanambarana, dia manao filazana faharaisana ny Birao ary mitondra izany any amin'ny biraon'ny Filankevi-pitantanana. Ny Birao dia mampahafantatra ny fitondram-panjakana sy ny foibem-pikambanan'ny mpampiasa sy ny mpiasa voakasiky ny fangatahana fandikana voaray mivantana avy tamin'ny fikambanana mifanaraka amin'ny paragrafy faha 5 (b) sy (d).

4. Ny biraon'ny Filankevi-pitantanana no manapaka ny hevitra iraisan'ny rehetra, aorian'ny fifampidinihana eo anivon'ireo vondrona, ny amin'ny faharaisana fangatahana araka ny zotrany. Raha tsy tonga amin'ny fifanarahana, dia alefa manontolo any amin'ny Filankevi-pitantanana ny fangatahana ho amin'ny fanapahan-kevitra

5. Ny fangatahana fandikana dia azo alefa any amin'ny Birao :

   a) amin'ny ankapobeny, ataon'ny fitondram-panjakana ao anatin'ny Firenena Mpikambana, manao izany amin'ny alalan'ny fandraisany andraikitra manokana na amin'ny alalan'ny fangatahan'ny fikambanam-pirenen'ny mpampiasa sy ny mpiasa ;

   b) ataon'ny fikambanam-pirenen'ny mpampiasa na ny mpiasa, izay solontena eo amin'ny sehatry ny firenena na ny faritra, araka ny fepetra voalaza ao amin'ny paragrafy faha 6. Ny fangatahana toy izany raha ny tokony ho izy dia alefa amin'ny alalan'ny fantson'ny foibem-pikambanan'ny firenena voakasik'izany ;

   d) ataon'ny fikambanana iraisam-pirenen'ny mpampiasa na mpiasa amin'ny anaran'ny fikambanam-pirenena mpisolo tena.

[7] Noraisin'ny Filankevi-pitantanan'ny Birao iraisam-pirenena momba ny asa tamin'ny fotoam-pivoriana faha 232 (martsa 1986) manolo ny fizarana IV amin'ny paikady noraisan'ny Filankevi-pitantanana tamin'ny fotoam-pivoriana 329 (martsa 2017).

6. Amin'ireo tranga voalaza ao amin'ny paragrafy faha 5 b) sy d), dia azo apetraka ny fangatahana raha afaka porofoina :

   *a)* fa ny fitondram-panjakana voakasika dia nandà ny handefa ny fangatahana any amin'ny Birao; na

   *b)* fa hatramin'ny nandefasan'ny Fikambanana tamin'ny fitondram-panjakana ary efa telo volana no lasa nefa tsy naneho ny fikasany izany fitondram-panjakana izany.

7. Raha tojo fangatahana azo raisina, ny Birao dia manomana volavolam-baliny amin'ny alalan'ny fifampidinihana miaraka amin'ny biraon'ny Filankevi-pitantanana. Tokony ampiasaina avokoa ny loharanom-baovao rehetra, ao anatin'izany ny loharanom-baovao entin'ny fitondram-panjakana, ny mpampiasa ary ny mpiasa ao amin'ny firenena voakasika. Ny biraon'ny Filankevitra dia afaka mangataka amin'ny Birao mba hametraka fe-potoana ho amin'ny fampitam-baovao.

8. Ny volavolam-baliny momba ny fangatahana azo raisina dia tsy maintsy dinihana sy ankatoavin'ny Filankevi-pitantanana hahazoana fankatoavana.

9. Rehefa nankatoavina dia tsy maintsy alefa any amin'ireo mpisehatra voakasika ny valiny ary avoaka ao amin'ny « Bulletin officiel » an'ny Birao iraisam-pirenena momba ny asa.

ilo.org/mnedeclaration